“Raha misy aminareo maheno zavatra ao an-kibony, ka misalasala izy raha nisy zavatra nivoaka avy ao na tsia, dia tsy tokony hiala ao amin’ny moske izy raha tsy mandre feo na mamerovero fofona.”

Tatitra azo avy tamin'i Abo Horairah (R.A), niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Raha misy aminareo maheno zavatra ao an-kibony, ka misalasala izy raha nisy zavatra nivoaka avy ao na tsia, dia tsy tokony hiala ao amin’ny moske izy raha tsy mandre feo na mamerovero fofona.”

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nohazavain'ny Mpaminany (S.A.W) fa raha misy zavatra mampisalasala ao an-kibon'ny olona mivavaka, ka very hevitra izy, misy zavatra mivoaka avy ao na tsia? Noho izany dia tsy tokony hanajanona ny vavaka ataony izy na manapaka izany mba hamerina ny fidiovany, mandra-pahazoany antoka ny fisian’ny zava-nitranga izay manafoana ny fidiovany amin’ny alàlan'ny fandrenesana ny feon’ny rivotra, na ny fandrenesana ny fofona; Satria izay azo antoka dia tsy foanan'ny fisalasalana, ary azo antoka ny fahadiovana, ary ny fivoahan'ny zavatra dia mampisalasala.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/65083